Ny vola zaraina no tsy misy **3**

## Ny digitalisation no ampangaina

Fitondrana Rajoelina **3**

## Tsy ho ela dia ho kendan'ny vomanga nasesiky ny tanany


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Fambolena sy fiompiana **7**

## Potehan'ny fitondrana Rajoelina ny FIFAMANOR


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 9 aprily 2022 Laharana 1284 Vidiny : **400 Ar**



**Mpitatitra taksi** **2**

# Vazahabe miala ihany no vahaolana



**Pr Narison Stephan** **3**

# Milentika ny firenena koa mifohaza Ra-Malagasy



**Noho ny tsy fisian-tsakafo** **6**

# Olona 5 namoy ny ainy nihinana zavatra tsy fihinana



**Mpitrandaka vato tsy nanao fombafomba** **6**

# Bankiropotra saika maty raha tsy voakarakara



**Antoko Politika Madio (APM)** **2**

## Namoaka boky momba ny raharaham-pirenena

**Depiote Feno Ralambomanana** **7**

## Nikarakara fiofanana momba ny fanamboarana savony

**Daka kely**




Nalaina hampihorohoro indray ngah i Baomba ry Boaikely a !

MPITATITRA TAKSI

# Vazahabe miala ihany no vahaolana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny foiben-toerany eny Ankazomanga ny alakamisy teo, ireo mpitatitra fiara karetsaka, na taksi, mivondrona ao amin'ny FTAR, Fikambanan'ny Taxi Antananarivo Renivohitra. Ny fialan'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina ihany hoy izy ireo, no vahaolana amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo, izay mivaralila sy tsy mandeha amin'ny laoniny ankehitriny. Noho izay antony izay, nanome 48 ora ny fanjakana izy ireo, izay tapitra androany, mba hanalana ny ben'ny tanàna Vazahabe, fa raha tsy izany dia hiara-hirohotra eny amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely izy ireo anio, hitaky izay fanalana ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina izay. Voalaza fa hiara-hihetsika amin'ny mpitondra taksi anio ny mponina Antananarivo Renivohitra, ny olom-pirenena, ny sendika mandoa latsakemboka ao amin'ny Cnaps, ny mpiasan'ny SMA izay be kokoa ny karamany teo aloha miohatra amin'ny ankehitriny. Hanotrona azy ireo koa ny solontena avy amin'ny MAMIFI Malagasy Mila Filaminana, ny solontena avy amin'ny RMDM TANA sy Jeunes RMDM. Manohana izao hetsika izao koa ny Diaspora any ivelany. Tsy vitan'i Vazahabe intsony ny asany hoy ireo mpanao taksi, anisan'izany ny fako tsy voaroaka, ny làlana potika tsy vita, ny embouteillage, na ny fitohanan'ny fifamoivoizana tsy afaka. Ny mpivarotra tsy nahitana vahaolana, ny hetran-trano midangana, ny fitadiavana vola tafahoatra amin'ny mponina Antananarivo.



*Ny solontenan'ireo mitaky ny hialan'ny ben'ny tanàna Vazahabe, nanao fanambarana tetsy Ankazomanga.*

Ankoatr'izay, antony tokony hanesorana koa ny ben'ny tanànan'Antananarivo ny fanodinkodinana ny volan'ny zokiolona sy ny mpiasa malagasy tao amin'ny CNAPS. Koa takianay ny famerenany manontolo ny vola nalainy hoy ny fanambarana. Tsy ekena koa ny fanaovana tantely afa-drakotra ny volan 'ny CUA ataony: izy sy ny mpiara-miasa aminy. Toheriny ny fanitsakitsahana ny lalàna, ka anaovan'ny Ben'ny tanàna didy jadona.
Raha tsy tanteraka ireo, hiara-hientana hitaky ny fanesorana azy eny Analakely izy ireo anio Sabotsy 9 aprily, amin'ny 10 ora maraina.

**Niaina**

Fiainan'antoko

# Manetsika ny mpitarika eny ifotony ny DISTIM Amparafaravola

Miaina sy velona ny antoko Tiako i Madagasikara any Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro. Manetsika ny mpitarika eny ifotony koa amin'izao fotoana ny lohandohan'ny mpisorona ao amin'ity antoko ity any Ampitandrefana, ilazana ny any amin'iny distrikan'Amparafaravola iny. Nanao fameloma-maso ny antoko izy ireo, tao amin'ny kaominina ambonivohitra Amparafaravola tamin'ity herinandro ity, nitarika izany ny depiote Rabekijana Solofo Hery, izay sady filohan'ny DISTIM Amparafaravola, teo koa ireo assistant parlementaire. Nandritra izany no nananganana ny mpitarika COMTIM Amparafaravola sy ny Jeune TIM vavy sy lahy. Teny filamatr'izy ireo ihany koa ny hoe : Tonga miaraka no fanombohana, miasa miaraka no fahombiazana. Hitohy amin'ny kaominina hafa any an-toerana, izao hetsika fameloma-maso sy fanabeazamboho ny antoko TIM izao.



*Ireo mpitarika ny DISTIM any Amparafaravola.*

**Stefa**

Antoko Politika Madio (APM)

# Namoaka boky momba ny raharaham-pirenena

Namoaka boky momba ny raharaham-pirenena ny Antoko Politika Madio, na APM, tarihan'i Rakotoarisoa Alban, Babà, na i Gangstabab. 7 taona izay no nijoroan'ny Antoko Politika Madio-APM (2015-2022), hoy ny fanambarana nataony, nandalo sedra, nandalo fifidianana. Mety ho nitondra tsikera, nitondra fanakianana izay tsy mety koa ny avy amin'ity antoko ity. Tsy nijanona tamin'izay fotsiny izy ireo, fa tao anatin'izay fotoana izay dia nanoratra boky ihany koa ny ekipa APM : vahaolana atolotr'izy ireo izy io na dia tsy eo amin'ny fitondrana aza ny hoy ihany ny filohany Rakotoarisoa Alban. Omaly maraina no nampahafantarana izany boky izany, tetsy amin'ny Skate park Antanimena . « Ny Malagasy aloha » : Fanarenana sy Vinampiarahamonina ho an'i Madagasikara, io no lohatenin'ny boky navoakan' izy ireo. Nandritra io fotoana omaly io koa no nampahafantarana ny tantara fohin'ny Antoko Politika Madio-APM, fanolorana ny site web APM, namoaboasana ny fanarenana sy ny vahaolana politika, izay efa voarakitra ao anatin'ilay boky. Ny fanolorana ny Vinam-piarahamonina ho an'i Madagasikara, izay efa ao anaty boky koa. Voalaza fa efa misy any amin'ny faritra ity antoko ity ankehitriny.



*Ny filohan'ny antoko APM.*

**Isambilo**

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Tsy fahombiazan'ny mpitondra

### Marary ny firenena noho ireo tranga samihafa miseho

Ankehitriny dia mandroadroatra hafahafa izany ny toe-draharaham-pirenena, noho ny zava-misy etsy sy eroa isan'andro izao. Isehoan'ny trangan-javatra mafana amin'ny sehatra rehetra sy amina toerana samihafa. Misongadina amin'izany amin'izao faran'ny herinandro izao, izay efa nisy nanomboka tamin'ny fiandohan'ny herinandro, ary nisy aza efa talohan'izany, ny hetsika eny amin'ny toeram-pampianarana ambony, sy ny eo anivon'ny kaomina Antananarivo renivohitra.
Lasa eritreritra lalina mihitsy ny mpandinika sy mpanara-baovao maro, ny amin'ny fiverimberenan'ny hetsika fitokonana mitranga eny amin'ny Oniversite samihafa eto amin'ny firenena. Efa be loatra izay nitranga izay, ary miharihary, fa fomba fiasa tsy mahomby mihitsy ny fisamborana mpianatra sy ny fampiakarana fitsarana azy ireo, ary fampandoavana sazy. Iaraha-mahita tsara izao ny fitohizan'ny hetsika, izay mivoaka ny faritry ny fianarana, mba hanairana ny fiarahamonina sy indrindra ny tomponandraikitra misahana ny fampianarana ambony. Samy manana ny olany avokoa ireo mpisehatra telo lehibe eny amin'ny Oniversite, ary samy efa naneho izany , na mpianatra, na ny mpampianatra mpikaroka, na ny mpandraharaha ao aminy. Misy zavatra tsy milamina ary tsy voafehin'ny fitondrana mihitsy raha fehezina ny fijery ny raharaha. Tantara tsy misy fitsaharany noho ny antony tsy fahampian'ny traikefa izany. Hanao ahoana ny ho vokatr'izany na ankehitriny na any aoriana? Fampianarana tapatapaka lava, ny afaka fanadinana bakalorea misy taraiky amin'ny taom-pianarana, ary ireo efa mianatra aza mbola misy voadona amin'izany ihany koa.
Etsy ankilan'izany sehatra izany, miha- miakatra ny maripana amin'ny raharaha amin'ny fandehan'ny raharaha eo anivon'ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Variana manao kajikajy politika sy fitadiavan-karena loatra sy ny miady amin'ny mpanolotsaina mpanohitra azy no nitaritarika ho tonga amin'izao toe-javamisy izao. Tsy mahazo aina ny mpitatitra, indrindra ny fiara karetsaka; toy izany koa ny mponina izay leon'ny fivangongon'ny fako etsy sy eroa, izay tsy afaka akory nefa nanaovana fampiesonana vahoaka, fa ho afany rehefa tonga eo amin'ny toeran'ny Ben'ny tanàna izy, izao maloto mahamenatra Antananarivo. Manginy fotsiny ny fidangan'ny vidim-piainana izay tsy voafehin'ny fitondrana velively ary lavitry ny afo ny kitay ny amin'ny hoe fampidinana azy. Raha tsorina, voafitaka ilay vahoaka.
Marary ny firenena na dia somary milamindamindratsy aza manoloana ireo trangan-javatra maro samihafa mifamahofaho, fa santionany ihany ireo nambara ireo. Avy amin'ny fomba fiasa sy politikan'izao fitondrana izao ihany, no rangory fototry ny afo rehetra amin'izany toe-javatra izany rehefa dinihina lalina. Tsy fiainana toy izao no nandrasan'ny vahoaka tamin'izao fitondrana Rajoelina izao.

**Sôh'son**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao :
Azafady indrindra Tompoko.
Izaho ve no tsy mahay sa ny Gouverneur ny Faritra no Filoha faratampon'ny Foloalindahy?
Sa amin'izao Fitondrana izao dia hoe samy manao izay saim-patany tokoa?
Gaga ihany mantsy ny tena raha mahita fa ny Gouverneur- n'Androy dia manao fanamiana miaramila na tenue de combat foana isaky ny manatanteraka andraikitra.
Mahagaga anefa fa na ny gouverneur Lylison izay tena miaramila (appellation, fa gendarme de fonction) aza tsy manao toa io.
Nefa ny olona, samborina sy enjehina izay manao.
Raha tsy miaramila ianao tompoko aoka mba ho môdely fa efa ampy ho voninahitra kosa ilay titre gouverneur.
Raha tsy izany, midira any Ambositra sy Antsirabe!

***Marlène R.***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tsy ho ela dia ho kendan'ny vomanga nasesiky ny tanany

Tsy ho ela intsony dia ho kendan'ny vomanga nasesiky ny tànany izao fitondrana Rajoelina izao, satria ireo atidoha nantsoina hanarina ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra dia tsy manana traikefa sy fahaiza-manao entina manatanteraka izay andraikitra napetraka taminy. Manaporofo izany ny tranga rehetra mipoitra etsy sy eroa eo amin'ny fiainana ara-tsosialy, ara-politika, ara-toekarena, arapandriampahalemana ary ara-tontolo iainana.
Eo amin'ny sehatra sosialy dia efa mampikaikiaika ny vahoaka ny fidangan'ny vidim-piainana. Toa tsy fantatr'izao fitondrana izao, fa miaina ao anatin'ny liberalisma eto Madagasikara, ka tsy azo atao velively ny mametra vidin-javatra, satria miankina amin'ny tolotra sy tinady izany, ka arakarak'izay ny vidin'ny entana eny an-tsena. Eo amin'ny sehatry ny fanabeazana indray dia tsaroana tsara ny fanadianana bakalorea tamin'ny 2009 nisian'ny famerenana izany fanadinana izany, noho ny fisian'ny laza adina nivoaka talohan'ny fotoana. Amin'izao fotoana izao ihany koa dia misy mitaky sara-pisoratana anarana amin'ny fanadinana izay tsy mbola nisy tahaka izany nandritra ny enimpolo taona. Iaraha-mahita ny fijalian'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony noho ny tsy fahaloavan'ny mpitondra ny vatsim-pianarana volana maro. Tsy fantatra intsony na tratry ny tsy fahafahana mandoa vola intsony (cessation de paiement) ny fitondrana, na voahodinkodina amin-javatra hafa ny vola efa natokana amin'izany. Ahilika amin'ny resaka "digitalisation" ny toe-javatra ary andrasana misy hatrany ny fitokonana vao mikoropaka ny mpitondra. Eo amin'ity sehatra ity ihany dia hatramin'ny karaman'ireo mpandraharaha no tsy voaloa. Torak'izany koa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana, ka mitaraina ireo mpitsabo mpanampy nampiasain'izao fitondrana izao, noho ny resaka covid-19. Ny vahoaka indray dia fahanana izao karazana "tosika" rehetra izao kanefa vonjy tavanandro ihany izany, fa tsy mahavita taona ary tsy mahavaha ny tsy fanjarian-tsakafo velively.
Eo amin'ny sehatry ny politika dia misy goaika antitra manana traikefa eo akainkin-dRajoelina Andry kanefa dia mahagaga fa tsy hain'izy ireo ny manolotsaina azy tsy hanao kilalaon-jaza ny fitantanana ny Firenena. Tsy takona afenina mantsy ny tsy fahamarinantoerana sy korontana ary ady an-trano eo anivon'ny antoko TGV na ireo vondron'antoko Armada na ny Mapar na ny IRD na ny IRK. Tsy misy fahaiza-manao eo amin'ireo mpiaradia amin-dRajoelina Andry ireo, ka mitsapatsapa izy ireo eo amin'ny fanatanterahana ny IEM, PEM, Plan Marshall, Velirano, ka amin'izao herintaona mahery kely sisa amin'ny fepotoana hitondrany izao dia tsy misy vokatra mivaingana: ny teo tsy vita, ampanantenaina indray ny hafa. Ny toekarena eto Madagasikara izay mifototra amin'ny fambolena izay mitaky fotodrafitrasa na ozinina entina manodina ny vokatra sady miteraka asa ho an'ny tanora koa. Mitotongana ny ariary noho ny tsy fifandanjan'ny fanafarana sy fanondranana entana (balance commerciale). Afarana ny vary avy any ivelany izay mamelona ny mpamboly any kanefa mambotry ny tantsaha malagasy. Manampy trotraka izany ny tsy fifehezan'ny mpitondra ny fanondranana antsokosoko ny harem-pirenena ary tsy azo ekena ny tsy fitadiavana ireo atidoha mikotrika izany. Manaiky ny mpitondra fa manana ny lisitr'ireo mpandraharaha manondrana entana any ivelany tsy mamerina ny vola vahiny (devise) eto amin'ny Firenena kanefa dia tsy samborina izy ireny sady tsy sahin'ny mpitondra havoaka ho fantatra ny anarany. Toa midika izany fa misy kopaka isasahana ao. Iaraha- mahalala koa fa ataon'izao fitondrana izao ho toy ny omby vavy be rononono ny orinasam-pirenena, Air Mad, Jirama ary efa manara-dia ireo ny Cnaps, amin'izao fotoana izao.
Manana jeneraly aman-jatony ny foloalindahy eto Madagasikara kanefa tsy nisy niatrika ady akory izy ireny, fa toa lasa mpanao politika, ka miaro ny eo amin'ny fitondrana fa tsy "Miaro ny Vahoaka sy ny Fananany", sy "Ho an'ny Tanidrazana" araka ny teny filamatra isaky ny andian-tafika. Tsy hita isaina intsony ny fitaovam-piadiana mahery vaika eo am-pelatanan'ny tafika kanefa manahirana ny fahafantarana, fa mitaintaina andro aman'alina ny vahoaka any ambany ravinkazo any, noho ny asan-dahalo sy ny asanjiolahy. Mitangorona an-tanàn-dehibe ny ankamaroany kanefa entina mamoritra izay manao fihetsiketsehana mitaky ny zony fotsiny izy ireo. Notendrena ho mpanolotsaina manokan'ny filohan'ny Repoblika indray ny SEG teo aloha, ka mametrampanontaniana ny maro hoe noho ny fahitan'ity jeneraly ity ny zava-miafina tsy hitan'ny olona sa noho ny maha stratejy azy eo amin'ny lafiny famoretana? Mafanafana ny toe-draharaha eto amin'ny Firenena, ka manahy izao fitondrana izao sao ho tonga amin'ilay fahendren'ny Ntaolo hoe "ny tody tsy misy fa ny atao no miverina".

***Andry Tsiavalona***

## Pr Narison Stephan

# Milentika ny firenena koa mifohaza Ra-Malagasy

Nifarana tamin'ity herinandro ity ny fandalovan' ny Pr Narison Stephan nandritra ny 2 volana, teto an-tanindrazana, izy dia mpampianatra mpikaroka eto Madagasikara sy any ivelany, manam-pahaizana manokana momba ny Fizikan'ny Angôvo Avo, Fizika Nokleary, na Physique des Hautes Energies. Filohan'ny fikambanana AGMM ihany koa, na ny fikambanana Association Gasy Miara-Mandroso izy. Nambarany fa : « natao ireo Conference momba ny Physique des Hautes Energies (HEP), niaraka tamin'ny Institut de Recherche HEPMAD-Universite Ankatso, sy ny Association Gasy Miara-Mandroso (AGMM) ary nozaraina maimaimpoana ho an'ireo Tanora sy Mpikaroka eny amin'ny Universite sy ny ARUPE - Eglise Catholique (Faravohitra) ny mahakasika ny sehatry ny fikarohana momba ny angôvo avo. Nohon'ny hafohin'ny fotoana sy ny fahasahiranana dia tsy afaka nandeha tany amin'ny faritra, namaly ny fangatahanareo fa hezahina hatao amin'ny diaa manaraka amin'ny Septembre izany. Nahafinaritra ny fandalovana 2 volana taty Madagasikara, satria hita maso ny halafon'ny fiainana (PPN, Gaz, lasantsy, Jirama, Telephone,...), ny fijalian'ny vahoaka madinika, ny Kolikoly sy ny Fanadiovan-tenan'ireo Cols Blancs (dahalo ambony latabatra,)... ny Insecurité :tsy fandriampahalemana (dahalo an-tanety, mpamaky trano, mpanendaka, mpagarom-posy,...), ny kitranoantrano sy lesoka maro eo amin'ny fitondrana ankehitriny,... Resahina eto amin'ny manaraka ihany ny fandrosoan'ny Fikarohana Siantifika, ny Politika eto



Madagasikara sy ny Geo-Politique (Ukraine - Russie, Fifidianana Président Frantsay oharina amin'ny fifidianana eto Madagasikara...). Mifohaza Ra-Malagasy indrindra ianareo Tanora, fa tena tsapa izao, fa milentika ny Firenentsika (faha-5 amin'ny gisitra amin'ny firenena mahantra ary taux de decroissance -7%), nefa tany manan-karena. Aza voarebireby intsony amin' ireo Werawera sy Tampimaso misy amin'izao fotoana izao. Tsy nitondra ary tsy hitondra soa ho anao sy ny Firenana ireo zava-bita hatramin'izao. Ohatra ireo hopitaly manara-penitra tsy misy dokotera sy fitaovana, ireo Universite tsy misy mpampianatra, Ireo building ho an'olona vitsy. Sokafy ny Maso ary Diniho tsara ny Fiainanao izay vao Miroboka Manohana izay Tianao ary tsy entin'ny Fanatisme Politika fotsiny, fa sao dia Manenina any aoriana any ohatr'izao tranga ankehitriny izao. Fandrosoana lovain-Jafy sy fiadanana no tadiavinantsika rehetra", hoy izy. Ankoatra izany, nararaotra nikarakara ny tanànany nilaozany 2 taona sy tapany mahery eny Andranotapahina Ambohidratrimo tamin'ny confinement koa izy, sady nitondra ny anjara zanakazo fiarovana ny tontolo iainana.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA




*"Izay tsy miara-mamory amiko dia manahaka".*
***Matio 12:30***

### Olana samy hafa misy

# Ny vola zaraina no tsy misy dia ny digitalisation no ampangaina



Nampiedinedina an'Ingahy Rajoelina hatramin'ny taona 2020 ny filazany hoe: ampiharina ny " Digitalisation", any amin'ireo fokontany manerana an'i Madagasikara, toy izany koa ny amin'ny fizarana ny vatsimpianaran'ny mpianatra.
Ny fe-potoana nolazain'Ingahy filoha hamitana ireo dia efa dila elabe, hatramin'izao anefa na ireo fokontany eto Antananarivo Renivohitra aza dia tsy mbola misy tokontaniny , satria na ny solosaina ampiasaina aza mbola any ankibon'ny omby.
Momba ny vatsimpianaran'ny mpianatra indray dia tsy misy ny vola mivoaka raha tsy misy fandorana kodiarana, sady izay indray maro amin'ireo mpianatra aradalàna no tsy any anatin'ny lisitra , dia mifanome tsiny sy mifanilika andraikitra ny Paositra sy ny Minisiteran'ny Fitantanambola ary ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony, maro tamin'ireo mpianatra tsy nahazo vola no nahavita niteny hoe: avereno amin'ilay fomba tsotra fahiny dia omeo ny volanay fa tsy mamely ilay '' digitalisation''.
Fomba fiasa any amin'ny firenena rehetra ny '' digitalisation'' , manamora ny fitsinjarana sady misoroka ny kolikoly ihany koa, fa matoa tsy mahomby ny antsika malagasy dia antony roa ihany:
- tsy mahafehy ilay fitaovana ampiasaina ireo mpikirakira ny solosaina.
- tsy lavorary na tsy ampy ny isan'ny fitaovana ampiasaina.
Ireo antony roa ireo ihany no mahatonga ny tsy fahombiazana , fa ny heno mivoaka ny vavan'ireo tompon'andraikitra dia ny hoe mbola misy lesoka kely eo amin'ny fampiasana ilay ''digitalisation'', kanefa ilay vola ho zaraina mihitsy no mbola ifampitadiavana, na koa tsy voaloan'ny tompon'andraikitra ara-dalàna ny karaman'ireo teknisiana mpikirakira ny solosaina.
Ny hetahetan'ny mpianatra dia tsotra , omeo ny vola efa voasoratra tao amin'ny lalàna mifehy ny tetibola, aloavy ny karaman'ireo teknisiana mpikirakira ny fitaovana ary tohizo ny fampiasana ny ''digitalisation'', f'efa vava navoakan'Ingahy Rajoelina ny fampiasana an'io fomba maoderina io, satria ny vola tokony hisy raha mandeha tsara ny fitantanana.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

### Fampidinana fa tsy famerana

Vidin-javatra indray no hoe kasaina mba hoferana ?
Sao dia tetiky ny "donto" sy ny "tsy ampy fiheverana"?
Raha izany no mba paika , aza mino rey vahoaka,
Fa dia tena famitahan`ny mpitondra tsisy hapoaka !

Ny sinoa sy ny karana na ireo ngeza mpamongady,
Ireny hatrany no ho voky raha izay no tetikady.
Fa isika , mbola hiaina anaty fahantrana lalina,
Ary tena mbola hikitroka sy ho lava indray ny alina !

Fampihenana no takiana , fampidinana no ilaina,
Fa tsy rediredy lava ho fanodinana ny saina.
Tsy dia dondrona daholo isika gasy mianakavy,
Fa izao dia famitahana , ary koa ronono an-tavy !

Ka dia tsotra anio ny teny ho anareo izay "belazao",
Dia ireo miandraikitra ny varotra ka manao ny tsy fanao.
Tsy hanova inona mihitsy ilay famerana kasaina,
Fa averina eto indray : ny fampidinana no ilaina.

***TSIMIMALO (07-04-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Fiofanana fanamboarana savony natao tao Bel'Air, nokarakarain'ny depiote voafidy tamin'ny antoko TIM, Feno Ralambomanana, ho an'ireo liana tamin'izany ao amin'ny Boriboritany faha-3.**



















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fakobe miavosa manerana ny tanàna, tsy afakan'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina eto Antananarivo Renivohitra.**









**Hetsika fameloma-maso ny antoko TIM, nataon'ny DISTIM Amparafaravola, tany amin'ny kaominina ambonivohitra Amparafaravola.**









FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

# Atrikasa ho fampihenana ny fipariahan'ny entona karbôna tany Antsirabe

Notanterahana tany Antsirabe faritra Vakinankaratra, ny atrikasa mahakasika ny fampihenana ny fipariahan'ny entona karbôna, tamin'ity herinandro ity. Izao atrikasa izao dia natao ametrahana ny paikady ho an'ny fijery lavitr'ezaka amin'ny fampihenana ny fanapariahana ny entona karbôna. Ny fametrahana ity paikady ity dia tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ny fifanarahan'i Parisy, izay andraisan'i Madagasikara anjara. Nampahafantarina ireo mpisehatra rehetra nandritra ity atrikasa ny tanjon'ny paikady izay hapetraka, hahafahana manatratra ny tsy hipariahan'ny karbôna intsony, na ny «neutralité carbone » amin'ny taona 2050, sy ny hitazonana ny fiakaran'ny maripana ho 2°C, hidina hatramin'ny 1,5°C. Ny sehatry ny fitaterana, ny angôvo, ny indostria, ny fako ary ny ala no voakasika manokana ao anatin'ity paikady fampihenana ny fanapariahana ny entona karbôna ity ary nandray anjara tao anatin'izao atrikasa izao avokoa izy ireo, niarahana tamin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, mpanohana ny PNUD: Fandaharanasan'ny Firenena Mikambanana misahana ny Fampandrosoana eto Madagasikara.



*Atrikasa momba ny fiarovana ny tontolo iainana, natao tany an-drenivohitry ny faritra Vakinankaratra.*

**Aly**

Noho ny tsy fisian-tsakafo

# Olona 5 namoy ny ainy nihinana zavatra tsy fihinana

Tranga mampalahelo sy mampahonena no nitranga tany Ambalavero any amin'ny distrikan'i Manakara faritra Fitovinany, noho ny tsy fisian-tsakafo sy ny hanoanana, olona 5 no namoy ny ainy tany an-toerana noho ny fihinanana zavatra tsy fihinana antsoina hoe veoveo. Tany amin'ny tanàna atao hoe Mahasoa fokontany Tanambao, Kaominina Ambalavero distrikan'i Manakara, faritra Fitovignany no nitrangan'izany.
Fianakaviana maromaro, tsy nahita hanin-kohanina intsony, no naka zavamaniry atao hoe "veoveo" atao sakafo ny alahady lasa teo. Vokatry ny fihinanana io veoveo io dia maro tamin'izy ireo no nararary, tao koa ireo nodimandry.



*Ilay zava-maniry namono olona tany Ambalavero Manakara.*

Raha ny vaovao farany dia 05 no namoy ny ainy: olona miisa roa no maty ny talata teo, roa hafa maty ny alarobia, iray kosa maty ny alakamisy maraina.
Olona roa no mbola marary mafy, nentina notsaboina ao amin'ny hopitaly any Sahasinaka Manakara.
Fantatra ihany koa fa efa andro maromaro ireto fianakaviana ireto no tsy nisakafo, antony nahatonga azy ireo hihinana ity zavamaniry ity.

**Stefa**

Mpitrandaka vato tsy nanao fombafomba

# Bankiropotra saika maty raha tsy voakarakara

***Misy fady ve ny tany, sa tsy maintsy misy fombafomba rehefa hitrandraka harena ankibon'ny tany. Io mantsy no fanontaniana apetraky ny maro manoloana ity mpitrandraka vato tany Ilakaka ity.***

Dimy lahy izy ireo no niala teto Antananarivo hihazo an'Ilakaka. Nentina avokoa ny sakafo sy fitafiana ary nanantena fa hahazo satria henony fa izay mandeha any hono dia tafita avokoa. Tonga soamantsara izy ireo ary nanomboka nitrandraka. Teo amboalohany aloha dia nahazo bitika fa tsy mbola lafo vola. Indraindray misy kely, fa indraindray tsy mahita mihitsy ary kivy sy reraka dia mody aloha. Roa volana izy ireo no niasa tamin'ilay kariera fa tsy nety nahazo mihitsy. Lany ny sakafo sy ny vatsy, ka voatery nikarama tamina patrô hafa aloha mba hatao sakafo. Vao nidiran'olona anefa ilay kariera niasan'izy ireo dia nipoaka bigbig lay telo lahy niasa teo ary lafo an-tapitrisany maro. Teo vao taitra izy dimy lahy, nikoropaka indray, ka niverina tamin'ilay kariera. Ny teo ihany anefa no teo satria herinandro tsy nahita na inona na inona mihitsy. Lay karama kely azo lany natao sakafo, ny aina reraka ary nanjary narary mhitsy aza ny roa lahy. Teo vao tonga saina izy dimy lahy ary nitady hevitra fa hody. Nisy niantso tampoka anefa, ka io olona io no nanoro azy ny nomeraon'i Mr Aina 0382902668 sy ny 0339178091 mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy ary nilaza fa tsy maintsy mikarakara vatana vao mahazo, satria misy tompony avokoa ny harena ambanin'ny tany. Nalefa taty Antananarivo ny iray tamin'izy ireo ary tonga teny Itaosy.

### Nisy namosavy ny karierany

Izao no antony hoy ity mpitsabo ity taminy : tsy maintsy karakaraina aloha ianareo, avy eo dia ampitondraiko ity zavatra ity ianareo ary tanteraho izay lazaiko. Tsy mahazo mitondra henankisoa ao koa ianareo hoy izy ary tsy maintsy midio aloha, satria nisy namosavy io kariera iasanareo io. Vita izay dia notsofin-drano ilay tovolahy ary tonga tany Ilakaka indray.

### Vao niditra dia nipoaka bigbig

Vantany vao nitsoboka tao amin'ilay kariera monja izy dimy lahy taorian'ny fombafomba natao dia efa nanonofy sahady fa ho tafa. Iray andro taorian'izay dia nahazo bigbig ary lafo an-tapitrisany. Mbola nanohy ny ampitso ary tao anatin'ny herinandro monja dia in-telo nipoaka izy ireo ary tsy maintsy nody. Tafita izy dimy lahy, niverina ny fatiantoka, salama ilay roalahy narary ary samy nahazo fiara, nahavita trano , lasa mpamongady ny sasany, sns… Niaiky izy dimy lahy fa hay tsy ataotao foana ny hoe mba mahalalà fomba rehefa misy zavatra atao fa raha tsy nanaiky ny tenin'ilay fianakaviana ka nanatona teny Ambonisoa Itaosy dia saika bankiropotra sy saika maty mihitsy aza.

**Namana**

Fifaninanana basket-ball

# Misy fiovana ny fandaharam-potoana 2022

Noho ny fitarainana nataon'ireo ekipa N1A lehilahy : Mb2All Analamanga, Gnbc Analamanga, Tgbc Betsiboka, 2Bc Analanjirofo, voarain'ny Fmbb tamin'ny 04 aprily, sy noho ny fitarainan'ny ligy rejiônalin'ny basikety any Diana tamin'ny 05 aprily 2022 ary noho ny handraisan'i Madagasikara ny Afrobasket U18 lahy sy vavy amin'ny volana jolay 2022 ho avy izao dia misy fiovana araka izao manaraka izao ny daty hanatanterahana an'ireo fifaninanam-pirenena sasany ato anatin'ny taom-pilaovana 2022, ka voakasik'izany fiovana izany ireto Sokajy voalaza manaraka ireto :
-"N1A" Lehilahy « phase préliminaire Conférence Ouest », izay ho tanterahina amin'ny 28 mey ka hatramin'ny 05 jona 2022, fa tsy ny 23 aprily ka hatramin'ny 01 mey 2022 araka ny voalaza tany aloha. Ny toerana dia any Diana.
Noho izany dia ferana ho amin'ny 04 mey 2022 ho avy izao ny fanaovana "mutation" farany, ho an'ny sokajy N1A lahy sy vavy, fa tsy amin'ny 13 aprily 2022 tsy akory.
-"U 18" Lahy sy Vavy : ho tontosaina any Betsiboka amin'ny 11 ka hatramin'ny 19 jona 2022, raha tokony hatao amin'ny 20 ka hatramin'ny 28 aogositra 2022.
-"N1B" Lehilahy : ho tontosaina amin'ny 02 ka hatramin'ny 10 jolay 2022 ho avy izao any Androy, fa tsy amin'ny 04 ka hatramin'ny 12 jona 2022 araka ny voalaza tany aloha.




*Basket-ball Malagasy.*

**Rainilita**

Mpanakanto Moenyh

# Miketrika "Mozika Mateza"

Kalo Martin Fernando, no tena anaran'ity mpanakanto Zanak'Antalaha ity, fa valovotaka teto Analamanga. Nofinidiny manokana ho anarana isalorana eo am-pamakivakiana ny lalan-tsarotry ny mozika ny « Moenyh » adika tsotra hoe : tovolahy kely. Endrika tsy zoviana loatra ho an'ireo mpankafy ny kanto an-kira i Moenyh, noho ity farany efa mpikambana nisahana ny lafiny feo sy ny « Percussion » (aponga) ary ny fandihizana teo anivon'ny tarika Big Mj.
Ankehitriny efa hary elatra ny tovolahy, koa tapa-kevitra ny hizotra irery hamakivaky ny habaky ny mozika. Tombony ho an'i Moenyh ny fananana talenta marolafy toy ny fahaizamihira amin'ilay feo mahatakatra ny avo, sy afaka midina ambany somary mikasoka nefa kanto. Havanana amin'ny sehatry ny fandihizana ary mahay manajary soradihy koa ny tovolahy. Ambony apangan'ireo ny



*Moenyh, nandalina ny « Haify » koa izy.*

talenta amin'ny fitendrena zavamaneno sy ny tontolon'ny « Haify ». « Ny mamokatra kanto an-kira hanabe, hitaiza ary hampita hafatra amin'ny endrika kanto hanjary fialamboly mitaiza ny vatana, saina ary ny fanahy ho an'ny fiarahamonina tsy ankanavaka. Ireo mitambatra antom-pisiako eo anivon'ny tontolon'ny kanto », hoy i Moenyh.
Ny fiketrehana « Mozika Mateza » mahatety vanimpotoana ary tsy ho vasoky ny fotoana maro mifandimby, araka izany, no imatesan'i Moenyh, izay efa naharitra efa-taona katroka izao. Ampahany amin'ireo vazony efa vita rindran-tsary ary efa tazana sy heno eny anivon'ireo haino aman-jery ny « Hiareta iô » narindra amin'ny gadona mihetsika manaraka ny vanimpotoiana ankehitriny ary manafatra ny isam-batan'olona, fa izay nafafy ihany no jinjaina eto an-tany. Mampiavaka ny sanganasan'i Moenyh ny fanambarana ban-kira roa tahaka ny « zouk » sy ny « afro beat », hanjary mozika kanto sahaza ny isam-baravarana. Nanolotra fisaorana manokana ho an'ilay kitapo nifonosany i Kalo Martin Fenando, noho ny tohana tsy ankiato nataon'ity Reniny ity ho azy tsy hiala vehana amin'ny fikirakirana ny mozika, izay anisan'ny taranja sarotra ihany koa raha tsy misy talenta sy ny finiavana ary ny faharetana.

**Lalasoa Razafindrakoto**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 02/04/2022 hatramin'ny 09/04/2022**

- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC prÈs station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1284-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FAMBOLENA SY FIOMPIANA

# Potehan'ny fitondrana Rajoelina ny FIFAMANOR

Mampalahelo amin'izao fotoana ny zava-misy any Antsirabe faritra Vakinankaratra, fa dia potehan'ny fitondrana Rajoelina ny tetikasa FIFAMANOR Antsirabe. Araka ny vaovao azo avy any an-toerana, tena tsy iasan'ny Fanjakana sy ny ministera loha ity tetikasa eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana ity, kanefa anisan'ny tena tokony ho fanoitra ho an'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana any amin'iny faritra iny. 5 volana izao tsy nandray karama ireo mpiasa ao amin'ity orinasa ity, ka tena sahirana tanteraka izy ireo, ireo izay mbola mijanona ao hatramin' izao, ka hanairany ny tompon'andraikitra. Tsy ny mpiasa ihany no mijaly, fa ireo tantsaha miara-miasa amin'ny FIFAMANOR koa. Niforona tamin'ny taona 1972 ity tetikasa ity. Niova ho EPIC izy tamin'ny taona 1992, fa mbola teo foana ny Nôrveziana hatramin'ny krizy tamin'ny taona 2009. Nanomboka teo namelontena ny FIFAMANOR, fa misy subventions na fanampiana omen'ny fanjakana foana izay karama ihany no vitany. Taty aoriana nahenan'ny Fanjakana ny fanampiana, ka 8 volana sisa no vitany. Araka ny vaovao voaray, tamin'ny taona 2014 no nisy Agent Comptable voalohany tao amin'ity tetikasa ity. Teo no nanomboka ny olana, satria tsy mety ny fepetra nifanaraka taminy, nasarotina ny famoaham-bola. Tsy nivoaka ara-potoana ny vola ividianana sakafon'omby, zezika, fanafody, .... sy ny akora famokarana rehetra. Ny niafarany, matin'ny hanoanana ny omby, midina be ny vokatra ronono, kely ny vokatra masomboly hamidy. Fehiny, tsy mety ny fepetra miaraka amin'ny Agent Comptable. Tsy fantany, fa tsy maintsy mamoaka vola izay vao afaka mamokatra. Na izany na tsy izany, manolotra vahaolana momba ity raharaha FIFAMANOR ity ireo mpiasa sy ny tantsaha any Vakinankaratra:

- hanaovana procedure special, na fepetra manokana, ho an'ny EPIC miaraka amin'ny zavamanan' aina, raha azo atao tsy asiana Agent Comptable.
- homena subventions spéciales hanarenana ny orinasa, anatiny ny karama. Efa tena latsaka anaty olana lehibe izy ireo amin'izao.
- mila mpitondra tena vonona hampandroso ny orinasa.

78 ireo mpiasa ao amin'ity tetikasa ity ankehitriny, ary ny 10 fotsiny ihany no fonctionnaires na mpiasam-panjakana. Manodidina ny 41 tapitrisa Ariary eo ny karama tsy voaloa isambolana io.

Tantsaha marobe aman'aliny no miara-miasa aminy any Vakinankaratra sy Amoron'i Mania, nefa noho izao olana ao amin'ny orinasa izao dia manana olana koa ireo tantsaha. Miasa amin'ny sehatry ny vilona, voly avotra, ovy, karaoty, sns... ny fiompiana ombivavy be ronono izy ireo.

***Niaina***

Depiote Feno Ralambomanana

# Nikarakara fiofanana momba ny fanamboarana savony

Noho ny fahalafosan'ny savony amin'izao fotoana izao, nikarakara fiofanana momba ny fanamboarana savony tetsy amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tetsy Bel'Air tamin'ity herinandro ity, ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM tao amin'ny Boriboritany faha-3 Feno Ralambomanana. Ireo olona liana tamin'izany fanamboarana savony izany tao amin'ny Boriboritany faha-3, no nandray anjara tamin'ity fiofanana ity, niisa 36 izy ireo no nandray anjara tamin'izany, ny mpampiofana dia Ramatoa teknisiana amin'izay fanaovana savony izay, ireo kojakoja sy fitao vana nampiasaina nandritra ny fianarana dia ny depiote Feno avokoa no niantoka izany.

***Isambilo***




*Fiofanana momba ny fanaovana savony tetsy Bel'Air.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 390**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 390




**Mitsivalana**

**1.** Zava-maneno tsofina – Renintsoratra mifanaraka **2.** Lehiben'orinasa (BL) – Mpanondro manolotra – Mpanondro **3.** Adidy masina – Matanjaka 4. Fanontaniana – Neniny **5.** Solfà – Mitovy **6.** Hekitara – Solontena **7.** Kianteny – Nefa **8.** Lazao **9.** Fiandohan'ny fararano – Kivy, tsy sahy intsony **10.** Vahoaka marobe ao amin'ny fokontany

**Mitsangana**

**A.** Tsipahana **B.** Esorina – Tolory **D.** Henoko **E.** Hanina **F.** Maina tanteraka – Hatsiaka (miv) **G.** Otronina **H.** Ianao sy izy ireo, mpisolo tena **I.** Ravo (miv) – Mitempo **J.** Ray amandreny sy zanaka – Anaty rano **K.** Tany kely – Gia

## Valiny Teny Tondro (0389)

***Mitsivalana***

- Sambotra
- AA – Hao (miv)
- Amiraly
- Ozinina
- Kira (miv) – Aia?
- Tana
- Rano

***Mitsangana***

- Soa – Ota (miv)
- Mora
- Maizina
- Barika
- AN
- Toliara
- Rainy
- Ha (miv) – Aato

## Valiny Teny mifanaraka 0389

**Mitsivalana**

**1**.Filaharana **2**. Ar - Mena - IT **3**. Herinandro **4**. Orinasa - Do (miv) **5**. Ti - Ady **6**. Arahaba **7**. Mey (miv) - vano **8**. Alaotra (miv) - Ma (miv) **9**. O.I - Nono **10**. Nafoy - Azia

**Mitsangana**

**A** Fahotana **B**. Irery - Roa **D**. Ry - Fitia (miv) **E**. Aminareo **F**. Hena - Amany **G**. Hosana (miv) - Lo **H**. Rana - Avana **I**. Aba - Zo (miv) **J**. Nirodana **K**. Atody - Ompa

MAKIS U20 RUGBY

## Nanainga teny Ivato tamin'ny alakamisy teo ho any Kenya

Tamin'ny alakamisy 07 aprily 2022 lasa teo, no nanainga teny Ivato, ny delegasiôn'ny Rugby U20 Malagasy, notarihan'ny sekretera jeneralin'ny Malagasy Rugby sy "Staff" miisa 2 hafa ary mpilalao miisa 25 hiatrika ny fifaninanana rugby "Trophy Barthés 2022", ho tontosaina any Nairobi Kenya hanomboka anio 9 ka hatramin'ny 17 aprily ho avy izao.

Omaly zoma kosa izy ireo no nanainga tao Maurice hihazo an'i Kenya satria tsy mbola misy sidina mivantana miala eto Madagasikara mankany Kenya dia voatery natory tao amin'ity firenena ity.

Marihana fa ao amin'ny sokajy A no misy an'i Madagasikara amin'ity fifanianana ity miaraka amin'i Namibie, Zambie, Ouganda, Kenya, Tunisie, Côte d'Ivoire ary Zimbabwé.




*Makis U20 niainga teny Ivato.*

Izay ekipam-pirenena « Champion » sy ny « vice-champion » amin'ny « Trophée Barthés 2022 » no hisolontena an'i Afrika any amin'ny Mondial Rugby U 20 2022 izay mbola tsy fantatra hatreto ny toerana hanatanterahana azy.

***Rainilita***

DTN vaovaon'ny Federasiônan'ny basket

## Razafiarivony Solofohery Angelot hatrany no voafidy

Mbola Razafiarivony Solofohery Angelot « Instructeur an'ny FIBA » hatrany, no voatendrin'ny "Bureau Directeur de la FMBB" ho DTN, na "Tale Teknikan'ny FMBB" vaovao rehefa avy naka ny hevitra sy fankatoavan'ny "membres du comité excécutif ny Fmbb" ny "Bureau Directeur de la FMBB" izy ireo. Teraka tamin'ny 14 septambra 1960 tany Ambositra ity Dtn ity, manambady ary niteraka iray. Izy dia "Professeur Certifié d'Education Physique Sportive Pricipal 3è Echelon", manana diplaoma maro miainga any amin' ny C.E.P.E ka hatrany amin'ny "Diplôme International en Management du Sport".




*Razafiarivony Solofohery Angelot.*

Ireo toerana efa niasany :
-Nampianatra tany amin' ny Geg Fianarantsoa.
-Nampianatra tany amin' ny Lycée Mananjary.
-Nampianatra tao amin' ny ENS Antananarivo.
-Mpampiofana tao amin' ny ANS Antananarivo.
-Efa niasa tany Canada ihany koa.
-Niofana tany Maurice sy Comores.

Nahazo ny mari-boninahitra « Commandeur de l'Ordre National » tamin'ny taona 2018 izy.

Efa nanomboka tamin'ny taona 2017 kosa no naha tale teknikan'ny Fmbb azy.

**Rainilita**

"UEFA Champion's League 2022"

## Mbola hangotraka ireo lalao famerenana

Mbola tena hangotraka tokoa ireo ny lalao famerenana amin'ny fifaninanana baolina kitra "UEFA Champion's League 2022", ampahaefa-dalana amin'ny talata 12 sy alarobia 13 aprily 2022 ho avy izao.

Any Allemagne amin'ny talata 12 aprily : ny Bayern handray ny Villareal ary any Espagne ny Real handray an' i Chelsea. Amin'ny alarobia 13 aprily kosa ny Atlético Madrid hampiantrano ny Manchester City any Espagne ary i Liverpool hampiantrano an'i Benfica any Angleterre.




*UEFA Champion's League 2022.*

Tontosa tamin'ny talata 05 sy alarobia 06 aprily 2022 lasa teo ireo lalao 1/4-dalana mandroso tamin'ity fifaninanana ity, ka nisongadina tamin'izany ny samy nandresen'ny Livepool sy Real an-tanin'olona 3 -1 avy, nanoloana an'i Benfica sy Chelsea.

Samy tamin'ny isa 1 – 0 avokoa tetsy ankilany, no nandavoan'ny Manchester City sy Villareal an'i Atlético Madri sy Bayern Munich.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Lelanomby sy petit pois indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Manampy amin'ny torimaso ny jus-na celeri

Manampy amin'ny torimaso ny jus-na celeri, io indray no anisan'ny mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Betsaka ny soa azo avy amin'ny jus ny celeri ity. Toy izany koa:



- Mampidina tosi-drà ho an'ny olona manana tosi-drà ambony izany.
- Tsara ho an'ny olona manana olan'ny taovam-pisefoana , ny olona asthmatique.
- Manala crampe.
- Manampy amin'ny torimaso.
- Miaro amin'ny aretina vato amin'ny voa ( calcul renal).
- Azo atao ho fanafodin'ny goty.
- Tsara ho an'ny maso.
- Tsara ho an'ny aty.
- Mamono bakteria.
- Mampilamina ny tahana siramamy ao amin'ny rà.

Misotro 1 vera amin'ny jus ny celeri isan'andro.

OFFRE D'EMPLOI

POUR ETOFFER SON EQUIPE COMMERCIALE,

UNE SOCIETE CHERCHE
HOMMES DE TERRAIN

PROFIL :

1 - BAC +2 MINIMUM EN : GESTION, COMMUNICATION ou COMMERCE.
2 - PERMIS DE CONDUIRE A' (MOTO).
3 - HOMMES AGES DE 25 A 35 ANS.

VEUILLEZ ADRESSER VOTRE DEMANDE D'EMPLOI ET VOTRE C.V. (insérer votre contact / numéro de téléphone pour contact rapide) A L'ADRESSE MAIL :

kavirga.recrute@gmail.com